Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

**Quelques outils qui nous aideront pour un partage biblique**:*(Fitaovana tsotra manampy amin'ny fifampizarana ny Soratra Masina)*

On relit le texte, et chacun se l'approprie en annotant les versets avec les signes ci-dessous. Prendre le temps, pour chaque texte de se demander :

- **?** **Tsy azoko** *(Je ne comprends pas)*
- **!** **Manaitra, manafintohina** *(Ça me choque,ça me chiffonne)*
- **+** **Resy lahatra, Miombon-kevitra amin'ny voalaza** (Je suis d'accord)
- **-** **Tsy resy lahatra, tsy miombo-kevitra** *(Je ne suis pas d'accord)*
- **~** **Azo hiadina hevitra** *(Ça se discute)*
- **>** **Fanamby ho ahy** *(Ce passage me lance un défi)*
- **<** **Efa niainako izany** *(J'ai déjà vécu cela)*

## Matthieu 4:1-11 Les Tentations de Jésus.

**Notes explicatives:**

*4,1 "Alors Jésus fut conduit par l'Esprit, au désert, pour être tenté par le diable."*

***Bapteme de Jésus: bapteme d'identification, de substitution?***

Matthieu nous invite à faire un rapprochement entre le baptême de Jésus et les tentations qui le suivent immédiatement. Il a dit quelques versets plus haut : *«C'est lui qui sauvera son peuple de ses péchés»*, c'est le sens même du nom de Jésus. Il vient d'être baptisé par Jean-Baptiste dans le Jourdain ; et rappelez-vous, Jean-Baptiste n'était pas d'accord et il l'avait dit : *«C'est moi, Jean, qui ai besoin d'être baptisé par toi, et c'est toi, Jésus, qui viens à moi !» (Mat 3.14)* (sous-entendu c'est le monde à l'envers)...

Et, là, au cours du Baptême de Jésus, il s'était passé quelque chose : *«Dès qu'il fut baptisé, Jésus sortit de l'eau. Voici que les cieux s'ouvrirent et il vit l'Esprit de Dieu descendre comme une colombe et venir sur lui. Et voici qu'une voix venant des cieux disait : « Celui-ci est mon Fils très aimé. C'est lui que j'ai choisi avec joie. »* (Matthieu 3:17 PDV)

Cette phrase annonce publiquement que Jésus est vraiment le Messie : car, l'expression *«Fils de Dieu»* était synonyme de Roi-Messie (du Ps 2.7) et la phrase *«mon bien-aimé, celui en qui j'ai pris plaisir»* était une allusion au Serviteur de l'Eternel du Esaïe 42.1 appelé à se *substituer* au peuple de Dieu dansla condamnation de son péché (Ésaïe 53).

Par son baptême, Jésus prend "symboliquement" sur lui les péchés que son peuple avait comme déposés dans l'eau du Jourdain. Le lien entre son baptême et sa mort (Mc 10.38-39) nous montre que  c'est de manière *substitutive* que Jésus avait compris son baptême (Obéissance passive de Jésus).

En quelques mots, Matthieu vient donc de nous rappeler presque tout le mystère de la personne de Jésus ; et c'est lui, précisément, le Messie, le Sauveur, le Serviteur de l'Eternel qui va affronter le *Tentateur*.

Comme son peuple, quelques siècles auparavant, Jésus est emmené au désert ; comme son peuple, il connaît la faim ; comme son peuple, il doit découvrir quelle est la volonté de Dieu sur ses fils ; comme son peuple, il doit choisir devant qui se prosterner.

***Conduit par l'Esprit*:**

Rappelons qu'au cours de son baptême, Jésus a reçu de Dieu le Père l'Esprit Saint. C'est cet Esprit qui le pousse au désert pour y commencer sa mission et c'est l'Esprit de Dieu qui va lui permettre de triompher des forces du mal. De fait, sa mission sera un combat entre la vérité et le mensonge, la lumière et les ténèbres. Esaïe 63.11-14 nous rappelle que lors de l'exode c'est par l'EspritSaint que Dieu a conduit son peuple au travers de l'eau (v.12) et du désert (v.13-14).

***Au desert***

Rappelons que dans la tradition biblique, le "*désert"* est à la fois *le lieu de l'épreuve*, du combat contre les forces du mal, *et le lieu privilégié de l'expérience de la présence de Dieu.*

Jésus est "*conduit"* vers le désert, comme, dans l'A.T, Dieu a conduit, son peuple au désert pour lui faire prendre conscience de sa fragilité et de sa véritable identité. C'est quand nous traversons un désert que nous prenons souvent conscience de quoi nous avons vraiment faim ou soif .

Le désert dans la Bible a été pour le peuple de Dieu un itinéraire pédagogique. Matthieu souligne bien que Jésus est conduit au désert pour y être tenté.

***Tentation*:**

Ce verbe “tenter” a deux significations (cf. Dt.6,6 ; Ps. 78,18 ; Ex.17,2-7 ; Nb.14,22).

- Tantôt  c'est “l'homme qui tente Dieu“ qui provoque Dieu, en  essayant de réduire son Dessein d'amour de Dieu à nos petits désirs terrestres immédiats. Tantôt c'est « Dieu qui *tente* l'homme“ dans ce sens où Il met l'homme à l'épreuve pour l'inviter à devenir vraiment un fils qui accueille les dons de Dieu.

Le rapport entre l'action du Saint Esprit qui conduit Jésus dans le desert pour qu'il soit tenté et celle du diable est le rapport qui existe entre *l'épreuve* et la *tentation* (meme mot en grec: *peirasmos*). *Dieu met à l'épreuve* (Gn 22.1; Dt 13.4; Ps 81.8) pour fortifier la foi et encourager à l'endurance et à la perseverence (Jc 1.1-4; 1P 1.6-7) alors que le *diable cherche à tenter* pour provoquer la chute. Mais dans sa souveraineté, Dieu par l'Esprit Saint peut éprouver en vue dubien pendant que le diable en profite pour tenter en vue dumal dans la limite de ce que Dieu permet (Jb 1.10-12).

***Le diable*:**

Matthieu a appelé le tentateur du nom de «diable», en grec le «diabolos» ce qui veut dire «celui qui divise». Est Satan pour chacun de nous comme pour Jésus lui-même celui qui tend à nous séparer de Dieu.

***40 jours et 40 nuits*:**

Mat *4, 2 "Après avoir jeûné 40 jours et 40 nuits, il finit par avoir faim"*

Matthieu fait ici écho au livre de l'Exode où il est écrit: “Moïse demeura en ce lieu, avec le Seigneur, 40 jours et 40 nuits, sans manger et sans boire. Et il écrivit sur les tables les paroles de l'alliance - les Dix paroles.“ (Ex.34,28. Cf. aussi Dt.9,9).

Les 40 jours de la tentation de Jésus sont donc une allusion directe aux 40 jours de Moïse sur la montagne avant de recevoir la “Loi” et aux 40 ans de la marche dans le désert où le peuple de Dieu a vécu épreuves et tentations.

C'est bien sûr pour Mt une manière de montrer à ses lecteurs que Jésus est le nouveau Moïse, celui qui va rassembler le véritable Peuple de Dieu et c'est aussi une manière d'identifier Jésus à son Peuple. Jésus est venu pour assumer toute l'histoire du peuple de Dieu pour « l'accomplir ».

On peut lire dans le livre de l'Exode “Tu diras alors à pharaon: « Ainsi parle le Seigneur: Mon fils premier-né, c'est Israël. Je t'avais donné cet ordre: Laisse aller mon fils qu'il me rende un culte.” (Ex.4,22-23)

Pour Matthieu, Jésus est le véritable “Fils, le Premier -Né” de Dieu. Il inaugure le nouveau peuple de Dieu. Il va assumer les tentations de son peuple au cours de l'Exode.. <u>Et il va triompher là où son peuple avait succombé</u>. Ce n'est donc pas un hasard si Jésus va répondre à chacune des tentations par une citation du livre du Deutéronome.

Si les *"tentations du Christ"* récapitulent et symbolisent celles de son Peuple, il faut bien voir que ces "tentations" sont aussi celles de tout homme. Il va réussir ce que nous avons toujours échoué depuis Adam et Eve.

Jésus, en tant qu'homme, a dû assumer et dépasser ces trois tentations qui apparaissent avec nos trois besoins fondamentaux. Besoins légitimes qui sont inscrits dans la nature même de l'homme: *celui de la nourriture (Le pain: première tentation v.3-4), de la securité (La Protection: deuxième tentation v.5-7) et du pouvoir (troisième tentation v.8-10).*

**Ce récit vise au moins un double enseignement**:

- *christologique*: il dévoile la mission de Jésus, l'Homme véritable, le nouvel Adam d'une humanité libérée de ses pièges ou tentations qui défigurent son identité et son destin (Rom 5; 1Co 15.47-49). (Obeissance active de JC)

et *ecclésiologique*, en ce sens qu'il est aussi le vrai Israël de Dieu (Ex.4,22). Relié au baptême, ce récit éclaire la signification du baptême et de l'existence chrétienne.

L'obéissance à la fois active et passive de Jésus éclairera et orientera tout le combat de l' Eglise, de chaque disciple. Désormais, tout homme, tout chrétien, est appelé à vivre, chacun selon vocation, cette triple libération du 3 P en Jésus Christ.

**Oui, tout vient de Jésus Christ, tout existe par lui et pour lui. À Dieu la gloire pour toujours! Amen! (Romains 11:36 PDV)**

**Pasteur Jeannot Randrianandrasana**
**FPMA Aix-Marseille**

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

## Ireo tsara ho fantatra manodidina ny Matio 4

Matio, na Levy ilay mpamory hetra, lasa Apostolin'i Jesoa Kristy no mpanoratra ny Filazantsara araka an'i Matio (Vakio Matio 9,9). Teo anelanelan'ny taona 60-65 no heverin'ny maro fa nanoratany azy tany Antiokia. Nosoratany ity Filazantsara ity mba hanaporofoany tamin'ireo Jiosy niara-belona taminy tamin'izany fotoana izany fa i Jesoa no Ilay Mesia nambaran'ireo mpaminany sady nilazalazany ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Araka izany dia nampifandray ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao i Matio ary nanindry mafy ny fahatanterahan'ny faminanian'ireo mpaminany ao amin'ny Jesoa (Nampiasa andinin-tsoratra masina mivantana avy ao amin'ny Testamenta Taloha miisa 53 izy, tsy mivantana 76). Raha mitaha amin'ireo Filazantsara 2 hafa ao anatin'ny Synoptika, i Matio dia manindry kokoa ny lalàna, raha toa ka mirona kokoa ho amin'ny fanafoanana izany i Marka sy Lioka (Ampitahao Matio 15,1-20 sy Marka 7,1-30). (Izay te handalina bebe kokoa momba ny Filazantsara araka an'i Matio dia vakio : Philippe Rolland, *L'origine et la date des Évangiles, les témoins oculaires de Jésus*, Versailles, Éditions de Paris, 2009). Hita koa fa miharihary amin'ny soratr'i Matio ny fisainana jiosy (Il pense en Juif). Hita taratra amin'ny sorany ny maha mpampianatra azy (maître) teo aloha.

Azo zaraina 3 miavaka tsara ny Filazantsara araka an'i Matio :

1. Ny fahaterahana sy ny fiomanan'i Jesoa, Ilay Mpanjaka (1,1-4,11)
2. Ny hafatra sy ny fanompoan'i Jesoa, Ilay Mpanjaka (4,12-25,46)
3. Ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesoa, Ilay Mpanjaka (26,1-28,20)

Ny 4,1-11, araka izany dia tafiditra ao amin'ilay fizarana voalohany, dia ny fahaterahana sy ny fiomanan'i Jesoa. Raha ny marimarina kokoa dia tafiditra ao anatin'ny fioman'i Jesoa ho amin'ny fanompoany (son ministère). Ny toko 1 sy 2 dia mitantara ny fahaterahany sy ny manodidina izany, fa ny toko 3 sy ny 4,1-11 no mitantara ny fiomanany. Ny toko 3 dia

milazalaza ny fanomanan'i Jaona mpanao batisa ny lalan'i Jesoa sy ny nanaovany batisa an'i Jesoa. Fa ny toko 4,1-11 kosa dia nitantaran'i Matio manokana ny fiomanan'i Jesoa tany anefitra, nitokana nivavaka sy nifady hanina ary nalain'i devoly fanahy. Ity farany ity no tena hodinihantsika manokana : Ny nakan'i devoly fanahy an'i Jesoa tany anefitra (4,1-11)

Tsaroantsika tsara fa rehefa nitranga ilay fandringanana ny zaza 2 taona no midina nataon'i Heroda, dia nasain'ny anjely nitsoaka tany Egypta i Josefa sy Maria niaraka tamin'i Jesoa zaza. Rehefa maty i Heroda vao niverina nipetraka tao Nazareta ry zareo ary tao no nandanian'i Jesoa ny fahazazany sy ny fahazatovony. Sahabo ho 30 taona i Jesoa no natao batisa tamin'ny alalan'i Jaona Mpanao batisa tao amin'ny onin'ny Jordana, 32 km any avaratra atsinanan'i Jerosalema. Marihana fa avy any Nazareta, ao anatin'ny zaratanin'ny Galilia i Jesoa no nandeha ho any Jordana.

## Inona no atao hoe fakam-panahy ?

Raha te hahafantatra misimisy kokoa ohatra iray ambaran'ny Baiboly ny amin'ny fakam-panahy ianao dia vakioa ary halalino ny Ohabolana 7. Ny fakam-panahy dia tafiditra ao anatin'ny fitsapana. Ny devoly no mpaka fanahy (Vakio Matio 4,3 ; 1 Tesaloniana 3,5). Ny tanjon'i Satana raha maka fanahy : mitaona ny olona hanohitra sy hikomy an'Andriamanitra sy ny sitrapony, mitaona ny olona tsy hankatoa an'Andriamanitra, mitaona ny olona ho amin'ireo fahotana isan-karazany. Ny fitaovana (moyens) ampiasain'ny devoly raha maka fanahy : Mampiditra tsimoramora sy miandalana am-pitandremana sy amin-kafetsena ny fisalasalana ao anatin'ny olona, manolo-tsaina ny olona hanohitra na hikomy amin'Andriamanitra. Fantantsika tsara ilay voalaza ao amin'ny Genesisy 3,1-6, ilay nakan'ny devoly fanahy an'i Adama sy Eva. Hoy ny voasoratra : « Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon'Andriamanitra hœ: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha? Fa hoy ravehivavy tamin'ny menarana: Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany; fa ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa no efa nataon'Andriamanitra hœ: Aza hihinanareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo. Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo. » (Genesisy 3:1-4). Ny tanjon'ny devoly eto dia ny hitaona an'i Adama sy Eva hanohitra an'Andriamanitra, handika ny didin'Andriamanitra. Ampidiriny moramora sy amin-kafetsena ao amin'i Adama sy Eva ny fisalasalana (doute) :

« Tsy ho faty tsy akory ianareo. » Misisika tsimoramora izy. Ny fomba fiadiny : mody miseho ho tsara izy. Hoy i Paoly : « Ary tsy mahagaga izany, fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava. » (2 Korintiana 11:14). Matetika dia mampiasa Tenin'Andriamanitra mihitsy izy mba hahababo ny fon'ilay olona halainy fanahy. Hivalapatra ny amin'io isiska rehefa avy eo eto amin'ny Matio 4, 1-11.

Fa tsara koa ny ahafantarantsika fa tsy afaka maka fanahy i Satana raha tsy mahazo alalana avy amin'Andriamanitra. Azontsika hanamarinana izany ny tantaran'i Joba. Hoy izay voalaza ao amin'ny Joba 1,11-12 : « Fa ahinjiro ange ny tananao ka tendreo izay ananany rehetra raha tsy handà Anao eo imasonao aza izy e! Dia hoy Jehovah tamin'i Satana: Indro eo an-tananao izay ananany rehetra; fa ny tenany ihany no aza aninjiranao ny tananao. Dia nivoaka Satana niala teo anatrehan'i Jehovah. » (Vakio koa Joba 2,6). Mamela ny devoly haka fanahy ny mpanompony Andriamanitra satria amin'ny alalan'izany no ahafaha'ny Tompo misedra sy mahafantatra ny tena finoan'ny olona iray ( Vakio Jakoba 1,2-4), ny fakam-panahy koa dia nentin'Andriamanitra hanamafy orina ny finoan'ny mpanompony (vakio 1 Petera 1 6-7). Marihana tsara anefa fa tsy Andriamanitra no manao ireo fandrika isan-karazany fa ny devoly. Hoy ny Apostoly Jakoba « Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hœ: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy; » (Jakoba 1:13) Andriamanitra kosa dia mifehy ny fakam-panahy (Il contrôle la tentation) : ny fotoana haharetan'ny fakam-panahy sy ny hamafin'ny fakam-panahy dia Andriamanitra no mametra izany. Hoy i Paoly : « Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany. » (1 Korintiana 10:13). Tsara koa ny ahafantarantsika fa Andriamanitra ihany no manokatra lalana ho an'ny mpanompony ho tafavoaka amin'ny fakam-panahy, araka izany voalaza ao amin'ny 2 Petera 2:9: « Dia fantatry ny Tompo izay hamonjeny ny tsara fanahy amin'ny fakam-panahy sy ny hitehirizany ny olona tsy marina amin'ny fijaliana ho amin'ny andro fitsarana,- » Tsy manala ny fakam-panahy Andriamanitra fa manampy ny mpanompony hahazaka ny fakam-panahy ataon'ilay ratsy. (Vakio Jaona 17,15).

**Avy amin'i Pasteur Zozo RANDRIAMANANTSOA**